Tranoben'ny Tantsaha Mpamokatra

TENIN'NY TANTSAHA

NEWS LETTER

voix des paysans

LAHARANA MANOKANA

Jiona 2023

MATOAN-DAHATSORATRA

Mandroso amin'ny fanavaozana rafitra sy fomba fiasa ny TTM amin'ity taona 2023 ity

Antenimieran'ny Tantsaha Mpamokatra : ATM, io no anarana vaovao hisaloran'ny Tranoben'ny Tantsaha Mpamokatra na ny TTM aorian'ny fankatoavan'ny rafitra mahefa ny volavolan-drijan-teny mamaritra izany . Eo am-piandrasana ny fankatoavana izany isika ankehitriny ka inoana ny fivoahan'izany tsy ho ela mba ahatomombana ny fanatanterahana ny Vinan'asa Matihanina 2023 -2027 (Projet Professionel).

Hiova arak'izany ny rafitra, nohavaozina ireo mpiara-miasa, hiatsara ny fomba fiasa ary heverina hivoatra arak'izany ihany koa ny toe-tsaina sy ny finiavantsika ato anatin'ny TTM amin'ny fampivoarana ny seham-pamokarana sy ny Tontolo Ambanivohitra.

Hiroso amin'ny fifidianana ireo tompon'andraikitra isan-tsokajiny anaty ny Antenimieran'ny Tantsaha Mpamokatra isika rehefa vita izany fankatoavana ny sata vaovao izany. Teny ifampierana ny **"Tenin'ny Tantsaha**" izay ho entina any amin'ny fisoloan-tena ataon'ireo Tantsaha Mpamokatra hanankinan-tsika ny andraikitra ary asa hipaka mivantana any amintsika Tantsaha Mpamokatra no heverina ho tanterahina manomboka izao. Koa alao hery ry Tantsaha mpamokatra namana.

RAZAFIMBOLOLONA Angeline
Filohan'ny Tranoben'ny Tantsaha Mpamokatra

FISOLOAN-TENA

Nandray anjara tamin'ny fakan-kevitra notontosain'ny Tahirim-bola iraisam-pirenena.

Ireo solon-tenan'ny mpamokatra izay notarihan'ny filohan'ny Tranoben'ny Tantsaha ary nahitana ny fandraisana anjaran'ny BIMTT.

Fihaonana tao amin'ny foiben'ny Tahirim-bola iraisam-pirenena

Manodidina ny tombana sy fanatsarana ny fampiasam-bolam-panjakana mahasahana ny tontolon'ny fambolena sy fiompiana (AgPER) ny dinika natao tamin'ireo Tantsaha sy ireo teknisianina nisolo tena , nivoitra tamin'izany ny tokony anjara toeran'ny fikambanana sy vovonan'ny Mpamokatra eo amin'ny famolavolana ny fanaraha-maso izany fampiasam-bola ho an'ny fambolena sy fiompiana izany**.**

Fidy

B2B

FANATSARANA NY VAROTRA

Mahasarotra ny famarotana ny vokatry ny tany , na dia hita ary fa tsy mitsaha-mitombo ny vidin'ny vokatry eny amin'ny tsena dia tsy arak'izany ny vidiny hamarotan'ny Tantsaha azy .

Kely dia kely tombony ho an'ny Tantsaha amin'ireo vokatra amidiny, tsy miverina akory aza indraindray ireo vola lany tamin'ny fandaniana amin'ny fikarakarana fa rehefa mahazo izay kely hivelomana dia atao ampy. Manoloana izany olana sedrain'ny Tantsaha izany, mba hamelomana ny ankohonany dia zary lasa mitady asa mampidi-bola aingana izy ireo. Ary tsy inona izany vahaolana izany fa ny fanaovana arina fandrehitra izay manimba tokoa ny ala ka mitarika ny fiovan'ny toetr'andro sy ny tsy fahampian'ny rotsak'orana. Mba hanampiana ireo tantsaha mpamokatra no antony nametrahana ny fampiasana ny teknolojia moderina izay ampiasana ny aterineto na ny "e-vokatra" izay mampifandray ny tolotra sy ny tinady ho an'ny vokatra avy amin'ny Tantsaha Malagasy.

Sitrakiniaina

TOHANA IFOTONY

Fitantanana ny Tataom-pahavoazana eo amin'ny Fambolena

Maro ireo toe-javatra, zava-mitranga na fihetsika izay manohitohina ny fahafahan'ny Tantsaha mamokatra. Ny fiovan'ny toetrandro, ny fitantanam-bola, ny lalam-barotra, ny bibikely sy aretina, ohatra vitsivitsy izay manembatsembana ny fahafahan'izy ireo hanatratra ny tanjony. Raha toa anefa vita ny manombana ireo loza mety hitranga ireo dia afaka atao tsara ny mitantana azy. Singa iray tena manan-danja eo amin'ny fivelaran'ny Tantsaha ho matihanina kokoa ny fitantanana ny tataom-pahavoazana. Izay rehetra izay no vohizin'ny Tranoben'ny Tantsaha Mpamokatra ao anatin'ny tetikasa Forest and Farm Facility miaraka amin'ireo Vovonana Tantsaha lehibe eto Madagasikara

Tsapa mantsy fa tafiditra ao amin'ireo zo fototry ny Tantsaha ny hanana ireo traikefa rehetra ahafahany mivelatra sy miatrika ireo loza mety hitranga rehetra ka mety hanohitohina ny fahafahany mamokatra. Notanterahina ny 7 sy 8 jiona 2023 lasa teo tao Nanisana ny atrik'asa fanofanana ireo vondrona Tantsaha mpiara- misalahy**.**

Elysé

FANATSARANA NY FIARAHA-MIASA

Tontosa ny fanombohan'ny tombana antenantenany eo amin'ny ny fiaraha- miasan'ny FIDA sy ny fandaharan'asa DEFIS izay mpiara-miobon'antoka amin'ny Tranoben'ny Tantsaha.

Sary indrana nandritra ny fanombohan'ny tombana

Notanaterahina nanomboka ny 15 may 2023 teo amin'ny biraon'ny fandaharan'asa DEFIS ao Anosimasina ny atrik'asa fanombohana ny tombana **.**Araka ny voafaritra dia folo taona no hamatsian'ny FIDA ny fandaharan'asa DEFIS izay misehatra amin' ny tontolo ambanivohitra : fanatsarana ny fidiram-bolan'ny Mpamokatra , ny famoaham-bokatra , fitehirizam-bokatra. Dimy taona izao no nanombohan' ny fandaharan'asa ka rariny raha misy ny tombana. Fampahafantaran'ny fandaharan'asa DEFIS ho an'ny mpamatsy vola ny asa vita sy ny mbola miandry nandritra izany fe-potoana niasana izany no tanjona. Niara nisalahy tamin'izany ny solo-tena avy amin'ny MinAE , MICC, TTM, mpiara-miasa hafa avy amin'ny DEFIS ,indrindra ireo teknisianin'ny Fandaharan'asa . Hisy fanapahan-kevitra amin'ny fanatsarana ny fiaraha- miasa eo amin'ny roa tonta mandritra ny dimy taona ho avy aoriana'izao tombana izao .

Tovo